# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Oktobra 2018

# 27 Asabotsy oktobra

**Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olombaovao izy ; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.** 2 Korintiana 5. 17

## Tao amina tranon'ny beantitra

Nitsidika tranon'ny beantitra izahay, ary niresaka tamin' olona iray tao aho, hoe : „Taona vitsivitsy lasa izay, dia nanao asa an-tsitrapo tao amina toerana iray tahaka itony aho, ary nahatsapa fa mahasorena ny fiainana ao, satria ny omaly tsy miova ihany."

Tao an'efitranony ilay olona niresaka tamiko, eo anoloana solosaina teo ambony birao kely iray. Hoy izy namaly : „Tsia, tsy mahasorena velively ny fiainana eto". Dia novohainy ny lalimoara fitehirizany sary hosodoko vitsivitsy sy ny fitaovany rehetra. Liana dia liana aho nihaino azy, nahita azy sambatra erỳ nampiseho tamiko ireo sanganasany.

„Jereo koa iretsy", hoy izy nanondro boaty feno kapila mangirana. „Fanadihadiana ara-Baiboly ireo, ataoko dika maro dia zarazaraiko." Hita miharihary fa tena mahafaly azy izany zavatra ataony izany. Nony hisaraka izahay, dia nijery ahy manatrika tsara izy sady nitsiky, ary nilaza tamiko teny tsy ho hadinoko mihitsy, hoe : „Teto amin'ity tranon'ny beantitra ity no nahitako an'i Jesosy".

Kilemaina sy tsy nanana fanantenana izy, no tonga tao. Saingy nianatra ny hahafantatra an'i Jesosy Kristy sy ny fitiavany azy izy, fitiavana niharihary teo amin'ny hazofijaliana. Nandray Azy ho Tompony izy, ka ankehitriny dia Jesosy no manentana ny fiainany. Tiany Jesosy, mivavaka aminy izy, ary midera Azy. Ny fifaliana feno fiadanam-po miseho eny amin'ny endriny dia porofo fa tena nohavaozin'ny finoana an'i Kristy tokoa ny fiainany.